ALAHADY FAHA 33 MANDAVANTAONA - A

AHAZOANA HASAMBARANA NY MIASA AMIN-KERIM-PO

Ry Kristianina havana, mamaramparana ny taona litorjika isika ka ireo vakiteny atolotry ny Eglizy amintsika dia hanampy antsika handinika ny fiafaran'izao fiainantsika izao satria isika izay nohariana dia misy fiafarany ka hanomana an'izany farany izany no irin'ny Eglizy ampianarina antsika amin'ny alalan'ireo vakiteny arosony amintsika amin'izao Alahady faha 33 mandavantaona izao mba hanampy antsika bebe kokoa ho EOV MISIONERA VITA BATEMY IRAHINA HO TABERNAKLA, ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika. Arakaraky ny fiheverantsika izany fiafarana izany no entintsika hamolavolana an'izao fiainana izao, raha isika mieritreritra fa tsy misy antenaina aorian'izao fiainana izao dia aza gaga àry isika fa ny fahendren'izao tontolo izao no entintsika mamolavola ny fiainantsika andavanandro, izany hoe hanararaotra isika noho ny fitiavan-tena ka hanapotika sy hanilikilika ny hafa. Fa raha ny fiainan-ko avy izay fantatsika fa tsy fiafarana fa fidirana amin'ny tena fiainana iombonana amin'Andriamanitra kosa dia miomana isika ary izay sahady ny antitranterin'ny vakiteny tamintsika tamin'ny Alahady lasa teo raha nandinika ny virjiny adala sy ny virjiny hendry isika. Ny adala nandany ny menak'izy ireo, nandany amin'ny zavatra tsy misy antony ka rehefa tonga ny mpampakatra tsy nanana ny hatolotra izy ireo fa ny virjiny hendry kosa nahay nikolokolo ity fiainana ity, toy izay taranaka mandrava sy manapotika izy ireo dia nanorina sy nandavorary ary nanatsara, izany no mahatonga antsika milaza matetika hoe niany ny ho avy fa tsy amaray. Mifanaraka tsara amin'ireo torolalana natolotsika ao amin'ny hafatra pastôraly ireo fetin-kevitra. Ny olon'ny finoana tokoa mifikitra amin'i Kristy ka tsy mavozo miatrika ny fiainana satria olon'ny fitiavana mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ary olon'ny fanentanana ka na eo aza ny sedra tsy kivy fa mikatroka hatrany, mandray an-tanana.

Vakiteny I : Ohab. 31, 10-13. 19-20. 30-31
Tononkira : Salamo 127
Vakiteny II : 1 Tes. 5, 1-6
Evanjely : Mt. 25, 14-40

Amin'izao Alahady faha-33 mandavantaona izao, asain'ny Eglizy isika amin'ny alalan'ireo vakiteny fa indrindra ny Evanjely hahay hampiasa ireo fanomezan'Andriamanitra amintsika dia ny taletantsika entina handavorariana ny fiainantsika sy hikolokoloantsika ity tranobe iombonantsika ity ka hifanasoa isika hikatsaka ny soa iombonana ary hanatsara mandrakariva ny fiainantsika ary dia hitondra antsika amin'ny hasambarana raha miasa amin-kerimpo tokoa isika amin'izay rehetra ataontsika satria izany no làlana. Ireo indrindra no nosoritan'i Papa ao amin'ny

Ansikilika nosoratany “Fratelli tutti” hahatonga antsika hifampitsimbina satria olo araiky, mianadahy isika rehetra.

Ny vakiteny voalohany, ny bokin’ny Ohabolana, dia manambara antsika fa ilay vehivavy voalaza io dia tsy iza fa isika eo anatrehan’Andriamanitra izany hoe vehivavy mahery fo isika mikarakara sy mikolokolo an’ity trano iombonana ity mba hamokatra araky ny averimberintsika matetika hoe : “harena ny harena raha mamokatra ary mamokatra ho an’ny besinimaro”.

Ny harena voalohany dia isika olombelona, aoka àry ho harena tokoa isika ka hamokatra tsara eo amin’ny fiainantsika fa tsy hoe entanin’ny fitiavan-tena sy ny fialonana isika ka hifanaratsy sy hifanapotika fa kosa entanin’ilay fitiavana marina, ilay fihavanana irintsika tokoa ka hifampikarakara isika araky ny voalazan’ny vakiteny voalohany halala-tànana amin’ny mahantra. Maro karazana ny fahantrana mety mikiky antsika ka aoka isika hifanasoa araky ny hafatry Md Paoly : “*ny amin’ny andro sy ny fotoana hiavian’ny Tompo, dia tsy ilaina akory ny hanoratanay izany aminareo, satria efa mahalala marina rahateo ianareo fa ho avy toy ny mpangalatra amin’ny alina ny andron’ny Tompo.”*

Aoka isika ho afaka miomana amin’izany satria isika efa mahafantatra ny ho avy araky ny hamafisin’i Md Paoly amintsika. Tsy midika izany fa mahafantatra ny zavatra hitranga amin’ny ho avy rehetra isika fa ao amin’ny Tompo isika ka ao no mandavorary an’izay ho avy izay ka tsy tampoka ho antsika izany ary tsy hampatahotra antsika satria Izy Tompo miara-dàlana amintsika mandrakariva sy maniraka antsika koa ho mpiara-dàlana amin’ny mpiara-belona amintsika ka hahatonga antsika ho Kristy ho azy ireo. Izany hoe ho fahazavana sy fanasina ka hizara ny harena lehibe ao amintsika dia ny maha-zanak’Andriamanitra antsika izay midika fa manantena sy mino ao amin’Andriamanitra isika. Tsy hipetrapetra-potsiny anefa isika satria haren’Andriamanitra ka mila miasa manitatra ny fanjakany amin’ny alalan’ny fiasana miaraka aminy.

Izany no ampianarin’I Kristy amintsika amin’ny Evanjely androany amin’ny fanoharana mikasika ny talenta. Omen’Andriamanitra talenta isika tsy ho talenta tahirizina fa ampiasaina entina hanasoavana ny hafa ary atao izay hampamokatra azy, ny fahaizantsika mampamokatra azy eo amin’ny fiainantsika no anambarantsika fa zanak’Andriamanitra isika ary matoky antsika Andriamanitra. Io firosoana lalindalina kokoa amin’ny fampiasana ny talentantsika io no azo lazaina vokatry ny “changement radical” ka mitondra antsika amin’ny départ vaovao, fiaingana vaovao. Io no andrasana amin’ny EOV MISIONERA vonona mameno ireo sadjoa saota. Miainga amin’ny fototra hoy isika dia amin’ny fianakaviana eglizy kely izao “depart vaovao” izao. Fianakaviana eglizy mivavaka sy mandalina finoana no dingana voalohany tsy maintsy ataontsika amin’izao “depart vaovao” izao. Ny vavaka tokoa sy fandalinana finoana no loharano mamelona izay ataontsika rehetra. Raha tsy eo ny vavaka sy ny fandalinam-pinoana dia tsy afaka hampamokatra ny fiainana iska fa hanangona araky ny hevitr’izao tontolo izao. Fa raha mifototra amin’ny vavaka entin’ny finoana isika dia

hampamokatra sy hanasoa ny hafa, hitady ny soa iombonana, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny eo amin'ny fiainantsika, tsy hanapotika, tsy handrava sanatria fa hanorina. Mampitombo ny talenta isika raha manorina, mikolokolo an'ity tranobe iombonana ity fa indrindra ho tonga izao ny vanim-potoana hanaovantsika ny fambolen-kazo sy ny fanaraha-maso an'ireny fambolena ireny. Ny talentantsika dia ho entintsika hanatsarana ny fiainantsika izay maha-zanak'Andriamanitra antsika. Io no dingana faharoa manomboka amin'ny taombaovao.

Dieny izao raha voakolokolo tsara ny fiainantsika ka nahay nitantana sy nikarakara isika dia holazain'ny Tompo amintsika ny hoe : "*Tsara izany, ry mpanompo tsara sy mahatoky noho ianao nahatoky tamin'ny kely dia hataoko mpitantana ny be ianao: miaraha mifaly amin'ny tomponao".* Izany no antenaintsika mba ho mpanompo mahatoky isika satria nahay nampiasa ireo fanomezan'Andriamanitra, mpanompo tsara isika raha nahay nanasoa ny hafa tamin'ny alalan'ireo talenta nomen'Andriamanitra antsika raha tsy izany kosa dia loza ho antsika ary dia efa fantantsika izany raha mandinika ny zava-boahary isika.

Ry Kristianina havana, aoka àry ny maha EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA, ho fitoriantsika ilay hafalian'ny Vaovao Mahafaly amin'ny alalan'ireo fanomezan'Andriamanitra omeny antsika, tsy ho tehirizintsika ny fanomezan'Andriamanitra, ireo talenta tahaka ilay mpanompo ratsy kamo voalaza amin'ny Evanjely androany, tsy hoe noho ny fahatahorana an'Andriamanitra dia tsy hihetsika isika, tsy izany fa aoka isika ho tahaka ireo mpanompo mahatoky sy tsara eo amin'ny fiainantsika ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona ka hanampy ireo mpiara-monina amintsika hahatsapa izay lalan-kombana.

Ry Jesoa Tomponay ô, ampianarinao izahay mba hahay hampiasa ireo fanomezana nomen'Andriamanitra anay ho entinay hanasoa ny hafa. Tsy sahy manao vy very ny aina anefa izahay matetika, manjaka loatra ny fitiavan-tena sy ny fialonana, ka ireo fanomezana nomenao anay, toy izay ho entinay hanasoavana ny hafa dia tsy hainay ny mampiasa azy noho ny fitiavan-tena, ny tahotra sy ny hena-maso. Koa ampio àry izahay mba hiara-hiasa Aminao hanasoa ny namanay. Ho tanteraka tokoa anie ny fiovam-penitra mahery vaika ka hanao "départ vaovao" tokoa izahay entanin'ny Fanahy Masina.

Aoka izahay tsy hatahotra hijoro amin'ny fiainanay andavanandro ho EOV MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA vavolombelonao tahaka an'i Victoire Rasoamanarivo sy Lucien Botovasoa hijoro mandrakariva ho famantarana sy fahazavana ary fanasina ho an'ireo manodidina anay. Omeo hery sy fahasoavana izahay hahay hanorina fa tsy hoe sanatria handrava sy hanapotika. Omeo fahasahiana izahay hanorina sy hanitatra ny fanjakanao hatraiza hatraiza ho voninahitrao. Masina Maria Reninay matoky ny vavakao izahay Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson